



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY FIANTSOAN'ANDRIAMANITRA – LA VOCATION

Sabotsy 27 jiona 2020
Samedi 27 juin 2020

NY FIANTSOANA AN'I EZEKIELA (Ezek. 2, 1-10) – LA VOCATION D'EZECHIEL (Ezech. 2, 1-10)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY : Aoka hiaraka hivavaka isika rehetra – *Prions ensemble :*

Teny fampidirana – Introduction : Ry havana – *Chers frères et sœurs :*

Hira (Chant) chorale : Ny Fitiavanao.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Ezek. 2, 1-2 :

1 Ary hoy Izy tamiko : « Ry zanak'olona, mitsangàna, fa hiteny aminao Aho ». 2 Ary nisy Fanahy tonga tao anatiko [Na : nody ny aiko], raha niteny tamiko Izy, ka nampitsangana ahy ary reko izay niteny tamiko.

1 Il m'a dit : « Fils de l'homme, tiens-toi debout sur tes pieds et Je te parlerai ». 2 Dès qu'Il m'eut adressé ces mots, l'Esprit entra en moi et me fit tenir sur mes pieds, et j'entendis Celui qui me parlait.

Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 :

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 305, 1-2 : Ô, miasà sakaiza :

1. Ô, miasà, sakaiza, i Jeso no herinao
Na misy mafy aza, Izy tsy handao.

Dia matokia tokoa, fa i Jeso momba anao.
Ka hisy voka-tsoa hifalianao.

2. Maro ny andro lasa izay tsy nanaovanao,
Ka mbola be ny asa izay tsy vitanao,
Koa dia mitsangàna hanao tokoa izao,
Hahavitanao tsara ny anjaranao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Ezek. 2, 3-8 :

3 Ary hoy Izy tamiko : « Ry zanak'olona, maniraka anao ho amin'ny zanak'Isiraely Aho, eny, ho amin'ireo jentilisa mpiodina, izay efa niody Tamiko : izy sy ny razany dia samy efa nanota tamiko avokoa mandraka androany. 4 Ary ho any amin'ny zanaka mafy handrina sy madi-po no anirahako anao, ary ianao hanao aminy hoe : 'Izao no lazain'Ny TOMPO'. 5 Ary na hihaino izy na tsy hihaino - fa taranaka maditra izy - dia ho fantany fa efa nisy mpaminany teo aminy. 6 Ary ianao, ry zanak'olona, aza matahotra azy, ary aza matahotra ny teniny na dia voakasiky ny amiana [Na : maditra] sy ny tsilo aza ianao, ary na dia eo amin'ny maingoka aza no ipetrahanao. Eny, aza matahotra ny fiteniny ary aza mivadi-po noho ny tarehiny, fa taranaka maditra izy. 7 Ary holazainao aminy ihany ny Amiko, na hihaino izy na tsy hihaino, fa tena naditra izy. 8 Fa ianao kosa, ry zanak'olona, mihaino izay lazaiko aminao : aza maditra tahaka izany taranaka maditra izany ianao, sokafy ny vavanao ka hano izay afahako anao ».

3 Il m'a dit : « Fils de l'homme, Je t'envoie vers les Israélites, vers des Gentils rebelles qui se sont rebellés contre Moi. Eux et leurs ancêtres se sont révoltés contre Moi jusqu'à aujourd'hui. 4 Ce sont des enfants à la tête dure et au cœur endurci. Je t'envoie vers eux et tu leur diras : 'Voici ce que dit le Seigneur, l'Eternel'. 5 Qu'ils écoutent ou qu'ils n'écoutent pas - en effet, c'est une communauté de rebelles - ils sauront ainsi qu'il y a un prophète au milieu d'eux. 6 Quant à toi, fils de l'homme, n'aie pas peur d'eux, n'aie pas peur de leurs discours, même si tu as pour compagnie des ronces et des épines et que tu habites avec des scorpions. N'aie pas peur de leurs discours et ne te laisse pas effrayer par eux, même si c'est une communauté de rebelles. 7 Tu leur diras mes Paroles, qu'ils écoutent ou qu'ils n'écoutent pas. En effet, ce sont des rebelles. 8 Quant à toi, fils de l'homme, écoute ce que Je vais te dire ! Ne te montre pas rebelle comme cette communauté de rebelles ! Ouvre ta bouche et mange ce que Je vais te donner » !

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ireo sahirana Fiangonana mba - pour ceux qui sont dans des difficultés pour que :
- ho an'ny kristiana mba – pour les chrétiens pour que :

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY :

Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay nitsangana tamin'ny maty ka efa « nomena[o] ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany » no anaovanay izany vavaka izany.
Amen ! – *C'est au Nom de Jésus-Christ, le Ressuscité, à qui Tu as donné « tout pouvoir dans le ciel et sur la terre » que nous faisons cette prière. Amen !*

Hira (Cantique) 305, 3-4 : Ô, miasà sakaiza :

3. Indro, fa mihariva, fohy ny andronao
Moa tsy mba fantatrao va ka tsy hitanao ?
Eny, fa manakaiky i Jeso Mpitsara re,
Ary efa mby akaiky ny hodianao.
4. Rehefa tonga i Jeso, Tompon'ny asanao,
Ary hamaly soa ny mpiasany.
Mandrakizay doria no hifalianao,
Raha mpanompo tsara mahatoky e !

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Ezek. 2, 9-10 :

9 Ary hitako fa, indro, nisy Tanana nahinjitra tamiko, ary, indro, nisy horonan-taratasy teny aminy. 10 Dia novelariny teo anatrehako izany ary nisy soratra teo anatiny sy teo ivoany, ary fitomaniana sy fidradradrana, loza no voasoratra teo.

9 J'ai regardé et j'ai vu qu'une Main était tendue vers moi : elle tenait un livre. 10 Il l'a déroulé devant moi : écrit des deux côtés, il contenait des plaintes, des lamentations et des gémissements.

Fanamarihana 3 : – Commentaires 3 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika mba – *pour nos dirigeants pour que :*
- ho an'ireo mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que :*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 310, 1-3 : Misy maro ao an-tsaha mitaraina :

1. Misy maro ao an-tsaha mitaraina ka ento ny Jiro mba hankao,
Tsy mba misy atoandro na maraina fa maizina re ny ao :
Indro olo-marobe no maniry mafy hoe : mba midina mankaty,
Itondray Baiboly re izy ireo fa ta-handre an'i Kristy Tompo soa.

Fiverenana :

*"Mandehana", hoy ny Tompo, "mandehana Ho amin'izao tontolo izao"
Mitsangàna ary, eny, mitsangàna fa lzy no homba anao.*

2. Mandehana mba hitarika ny jamba, mba ampifalio ny ory fo
Ny mahantra ilazao fa misy lamba tsy miova, tsy mety lo.
I Jeso Mofon'aina soa sady Ranon'aina koa : aseho ho hitany,
Tena Andriamanitra, Tompo tao an-danitra : ambarao ho fantany.
3. Mandehana hanatanjaka ny osa, omeo toky re ny ketraka.

Ny anjaranao, ataovy ho tontosa, ka aza dia reraka,
Mandehana ianao, ka vitao ny asanao, fa ny tambinao ary,
Mbola any ihany re ny handraisan-tamby be, dia rehefa tsy ety.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Mar. 16, 14-20 :

14 Rehefa afaka izany, dia niseho tamin'ny iraka ambin'ny folo lahy Jesosy, raha nipetraka nihinana ireo; ary Izy nanome tsiny azy noho ny tsi-finoany sy ny hamafin'ny fony satria tsy ninoany ireo efa nahita Azy, rehefa nitsangana Izy.

14 Enfin, il apparut aux onze, pendant qu'ils étaient à table; et il leur reprocha leur incrédulité et la dureté de leur coeur, parce qu'ils n'avaient pas cru ceux qui l'avaient vu ressuscité.

15 Ary hoy Izy taminy : « Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo; ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. 16 Izay mino sy atao batisa no hovonjena fa izay tsy mety mino no hohelohina. 17 Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino : hamoaka demonia amin'ny anarako izy, hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy, 18 handray menarana izy ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany, hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny ».

15 Puis il leur dit : Allez par tout le monde, et prêchez la bonne nouvelle à toute la création. 16 Celui qui croira et qui sera baptisé sera sauvé, mais celui qui ne croira pas sera condamné. 17 Voici les miracles qui accompagneront ceux qui auront cru : en mon nom, ils chasseront les démons; ils parleront de nouvelles langues; 18 ils saisiront des serpents; s'ils boivent quelque breuvage mortel, il ne leur fera point de mal; ils imposeront les mains aux malades, et les malades, seront guéris.

19 Ary i Jesosy Tompo, rehefa niteny taminy dia, nampiakarina ho any an-danitra ka nipetraka eo ankavanana'Andriamanitra. 20 Fa izy ireo kosa dia lasa ka nitory teny eny tontolo eny, ary ny Tompo niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nombra azy. Amen !

19 Le Seigneur, après leur avoir parlé, fut enlevé au ciel, et il s'assit à la droite de Dieu. 20 Et ils s'en allèrent prêcher partout. Le Seigneur travaillait avec eux, et confirmait la parole par les miracles qui l'accompagnaient. Amen !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminy.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

*Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont
offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des
siècles. Amen !*

Hira (Chant) chorale : Avia ry ondriko

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !
Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !
Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !
Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !
Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.
Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Fiangonana (Assemblée) : Amen !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !